15

# NY FAHAFATESANA (2)

## TANJONA

Mamaritra ny atao hoe fahafatesana

## VONTOATIM-PAHALALANA

**Famaritana :**

Atao hoe maty ny olona iray rehefa misaraka amin'ny vatany ny fanahiny. Ny fanahy dia ilay avy amin-Janahary nampindraminy ny olombelona ka miverina any aminy rehefa tapitra ny fotoana nivahiniany ety an-tany. Ny fahafatesana dia dingana tsy maintsy lalovana ialana amin'ny tontolon'ny velona hizorana any amin'ny tontolon'ny maty n any tontolon'ny razana.

**Ireo fiheverana samihafa mahakasika ny fahafatesana:**

Ho an'ny Malagasy, dia fialana amin'ny tontolon'ny velona, hita maso mankany amin'ny tontoln'ny razana, tsy hita mason y fahafatesana. Noho izany, dia mino ny Malagasy fa misy ny fiainana ao aorian'ny fahafatesana. Lasa razana ny olombelona rehefa miala aminy ny aina, toerana izay tsaratsara kokoa noho ny tontolon'ny velona. Lasa mpanelanelana amin'Andriamanitra Zanahary amin'ny velona izy ireny.

Ho an'ny tontolon'ny fivavahana kristianina indray, dia inoan'izy ireo fa misy ny paradisa izay tontolon'ny fahavelomana mandrakizay. Saingy inoany kosa fa tsy misy ifandraisany intsony ny velona sy ny maty fa tontolo samihafa tanteraka. Tsy manana adidy amin'ny velona intsony ny maty, na ny velona amin'ny maty.

**Sahanasa 1**

Fisintonana ny famaritana ny atao hoe fahafatesana

1-Rasao ny teny hoe FAHAFATESANA

2- omeo ny teny mifanohitra hevitra amin'ny fototeny azo avy amin'ny fahafatesana

3- sintony ny hevitry ny atao hoe fahafatesana

**Sahanasa 2**

1) Inona no fiheveran'ny Malagasy ny atao hoe fahafatesana?

2) Avy aiza no fiavian'ny aina ho an'ny Malagasy?

3) Inona avy no mahatonga ny fahafatesana?

4) Inona avy ireo dinagana lalovan'ny olombelona eo amin'ny fiainany?

**Sahanasa 3**

1- Misy fahasamihafana eo amin'ny fiantsoana ny maty teo amin'ny sarambabem-bahoaka sy ireo -sarangan'olona noeritreretina ho ambony sy mpitondra ny fanjakana teo amin'ny Malagasy. Fantaro amin'ireto teny rehetra ireto izay teny fampiasa ho an'ny isan-tokony avy.

Fenoy ny banga ao amin'ny fafana

| | |
|---|---|
| Olon-tsotra | andriana |
| maty | …………. |
| | afenina |
| Vatam-paty | |
| Ny razana | |

2- Inona avy ireo fomba fiteny ilazana ny maty?

3- Inona no iantsoana ny zaza maty?